TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA
11 AOUT 2025

Réunions du Comité des Finances et de l'Investissement de la SADC

# Andry RAMANAMPANOHARANA, Secrétaire Général du MEF préside les séances





# SADC : les réunions battent leur plein avant le Sommet des Chefs d'Etat et de Gouvernements




Depuis le 04 Août 2025, les hauts fonctionnaires et membres des comités permanents de la SADC (Southern African Development Community) se réunissent au CCI Ivato. S'enchaineront ensuite le Conseil des Ministres de la SADC, les réunions de coopération économiques ou encore la TROIKA qui est l'organe de coopération en matière politique, défense et sécurité de la SADC. Tout ceci en vue du Sommet des chefs d'Etat le 17 Août 2025. Moment solennel durant lequel le Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA prendra officiellement sa fonction de Président de la SADC pour une année.

Dans le domaine économique, le Comité des Finances et de l'Investissement de la SADC s'est réuni au CCI Ivato le 08 Août 2025 sous la présidence de Monsieur Andry RAMANAMPANOHARANA, Secrétaire Général du Ministère de l'Économie et des Finances de la République de Madagascar.

Ce comité constitue l'un des organes ministériels sectoriels et agrégés de l'Organisation. Il est chargé de superviser les activités régionales dans les domaines stratégiques des finances et de l'investissement, en vue de renforcer l'intégration économique au sein de la région.

Parmi ses principales missions figurent :

- la surveillance de la mise en œuvre du Plan stratégique indicatif de développement régional (RISDP) dans les domaines financier et de l'investissement ;
- la formulation de recommandations stratégiques au Conseil des ministres de la SADC sur les questions économiques et financières ;
- la coordination et le suivi de la mise en œuvre des programmes régionaux dans le secteur financier.

***SADC : efa anatin'ny asa tanteraka ireo delegasiona avy amin'ireo firenena 16 mandrafitra azy.***

Miditra amin'ny herinandro faharoan'ny fivorian'ny SADC ireo mpikambana ka hisy ny filankevitry ny Minisitra eo anivon'ny SADC, ireo fivoriana miaraka amin'ireo mpiaramiombon'antoka, ny fivorian'ny TROIKA izay rafitra misahana ny raharaha politika, ny fiarovana ary ny filaminana.

Raha ny Komitin'ny Fitantanam-bola sy ny fampiasam-bola indray, dia notanterahina ny 08 Aogositra 2025 ny fivoriana izay notarihan' Andriamatoa RAMANAMPANOHARANA Andry, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola eto Madagasikara.

Ity komity ity no mandrindra sy manara-maso ny asa iarahana eo amin'ny sehatry ny vola sy ny fampiasam-bola, ho fampahombiazana ny fampiraisana ara-toekarena eo anivon'ny faritra.

Anisan'ny andraikiny lehibe ny:

- fanaraha-maso ny fampiharana ny paikadim-pamaritana ny fampandrosoana eo amin'ny Faritra (RISDP) amin'ny sehatry ny vola sy ny fampiasam-bola ;
- fanolorana soso-kevitra stratejika ho an'ny Filan-kevitry ny Minisitra ao amin'ny SADC momba ny raharaha ara-toekarena sy ara-bola ;
- fandrindrana sy fanaraha-maso ny fampiharana ireo fandaharan'asa iarahana eo amin'ny sehatry ny vola.





# Ratification de la Convention multilatérale d'assistance administrative mutuelle en matière fiscale

***À quelques jours du 45e Sommet des chefs d'État et de gouvernement de la SADC, trois événements récents montrent comment Madagascar s'impose aujourd'hui dans le paysage fiscal mondial.***

Le 28 juillet 2025, Madagascar, représentée par le Ministre de l'Economie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, a déposé à Paris son instrument de ratification de la Convention multilatérale sur l'assistance administrative mutuelle en matière fiscale (MAAC). Cette convention, élaborée par l'OCDE et le Conseil de l'Europe, est devenue une référence mondiale pour la coopération fiscale.

Cette ratification, portée par le Ministère de l'Économie et des Finances via la DGI, permet à Madagascar d'améliorer ses échanges d'informations fiscales, de mener des contrôles conjoints, de faciliter le recouvrement international des impôts et d'assurer la transmission officielle de documents à l'étranger.

La convention prendra effet pour Madagascar le 1er janvier 2026, et couvrira les principaux impôts, notamment l'Impôt sur le revenu, la TVA, les Droits d'accises, le Droit d'enregistrement et les Impôts fonciers. Jusqu'ici, Madagascar ne disposait que de quelques conventions bilatérales pour échanger des renseignements. Désormais, grâce à la MAAC, elle pourra coopérer avec plus de 140 pays partenaires.



## DGI : fiaraha-miasa mafy orina amin'ireo sampandraharahan'ny hetra eto amin'ny faritr'i afrika sy maneran-tany

*Amin'izao ankatoky ny Fihaonambe faha-45-n'ny SADC izao dia hetsika lehibe telo no naneho mazava fa efa tena manana nyntierany manokana ankehitriny i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny sehatry ny hetra.*

### *Fanamafisana ireo fifanekena iraisam-pirenena momba ny fifanohanana amin'ny fitantanana ny hetra*

Napetraky ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, ny 28 jolay 2025 lasa teo tany Paris ny taratasy fanamafisana ny Fifanekena iraisam-pirenena momba ny fifanohanana amin'ny fitantanana ny hetra (MAAC). Ity fifanarahana izay natsangan'ny OCDE sy ny «Conseil de l'Europe» ity, moa dia efa lasa fenitra arahana maneran-tany amin'ny fitantanana ny hetra.

Ka ny fanamafisana nataon'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny alalan'ny DGI, dia hanamorana ny fifanakalozana vaovao ara-ketra, ny fanatanterahana fitsirihana ara-ketra iraisana, ny fanangonana hetra, ary ny fandefasana antontan-taratasy amin'ny fomba ofisialy any ivelany.

Manan-kery ho an'i Madagasikara manomboka amin'ny 1 janoary 2026 ity fifanarahana ity, ary hampiharina amin'ireo hetra lehibe rehetra : Hetra amin'ny vola miditra, Haba amin'ny tataom-bidy, Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (droit d'accises), Saram-panoratana, ary Hetra amin'ny fananana mifaka. Raha mbola vitsy hatreto ny fifanarahana lafiny roa nataon'i Madagasikara, ny MAAC dia manokatra fiaraha-miasa amin'ny firenen-dehibe mihoatra ny 140.

# COOPÉRATION

## TICAD 9 : Madagascar présente à Yokohama

Du 20 au 22 Août 2025, une délégation malgache conduite par le Premier Ministre, Monsieur Christian NTSAY participera à la 9e édition de la Conférence Internationale de Tokyo sur le Developpement de l'Afrique (TICAD 9).

Cette édition ayant pour thème : "Co-créer des solutions innovantes pour l'Afrique" sera l'occasion de traiter de l'industrialisation durable, de la mobilisation des ressources domestiques, de l'innovation numérique, du commerce, de la ZLECAF des chaînes de valeur productives et de la transition verte.

Des rencontres bilatérales avec les Partenaires techniques et financiers Nippons seront également prévu durant ces 3 jours.
Plusieurs axes économiques seront, de ce fait, abordés lors de ces réunions et c'est dans ce cadre que le Ministre de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, a reçu, le 8 août dernier, la délégation japonaise conduite par l'Ambassadeur du Japon à Madagascar, Monsieur ABE Koji.






***TICAD 9 : hisolotena an'i Madagasikara ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta NTSAY Christian***

Ho tanterahina any Yokohama, any Japon ny 20 ka hatramin'ny 22 Aogositra 2025 ny fivoriana Iraisam-pirenena ao Tokyo momba ny Fampandrosoana an'i Afrika (TICAD 9) andiany faha-9, ary hitarika ny delegasiona malagasy amin'izany ny Praiminisitra, Andriamatoa NTSAY Christian.

"Miara-mamorona vahaolana vaovao ho an'i Afrika", no lohahevitra amin'ity andiany ity. Homena sehatra sy horesahana amin'izany ny famoronana indostria maharitra, ny fitrandrahana sy fampiasana loharanon-karena anatiny, ny fanavaozana ara-nomerika, ny varotra, ny ZLECAF sy ny fanomezana sanda ny famokarana ary ny fiovàna maitso.

Ankoatra ireo fivoriana iraisam-be, dia hisy ihany koa fihaonana mivantana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola avy any Japon mandritra ireo 3 andro ireo. Sehatra maro ara-toekarena araka izany no hifampiresahana mandritrin'ireo fihaonana ireo, koa ao anatin'ny fanomanana izany indrindra, dia nandray ny delegasiona japoney izay notarihin'ny Ambasadaoron'i Japon miasa eto Madagasikara, Andriamatoa ABE Koji, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantam-bola ny 8 Aogositra lasa teo.







# E-Facturation obligatoire : la modernisation fiscale passe la vitesse supérieure

## Une étape capitale de franchie, pour une administration « innovante, transparente et pilier de l'émergence »

Un décret du 25 juillet 2025 officialise la mise en place progressive du système national de facturation électronique (e-Facturation), conformément aux dispositions de l'article IV-21 du Code des procédures fiscales. Ce dispositif modernise les pratiques fiscales et commerciales, tout en renforçant la transparence et la lutte contre la fraude.

Une plateforme dédiée, dénommée système de facturation électronique « e-Facturation », est conçu afin de permettre au contribuable d'émettre, de transmettre, de recevoir et d'archiver les factures en ligne, dans un format sécurisé et reconnu légalement, à condition de respecter les exigences d'authenticité, d'intégrité et de lisibilité. En back-office, elle donnera la possibilité à l'administration de suivre les données transmises en temps réel.

Parmi les bénéfices attendus : simplification et automatisation des échanges, réduction des coûts et délais, traçabilité renforcée et protection des consommateurs.

Un déploiement en trois étapes sur deux ans

- Grandes entreprises : obligation dans les 6 mois suivant la mise en ligne,
- Entreprises de taille intermédiaire : dans l'année,
- Petits contribuables et micro-entreprises : dans les 2 ans.

Des mesures d'accompagnement sont prévues : renforcement des infrastructures, formations ciblées et outils simplifiés pour les petites structures.

### *Tafapetraka ny e-Facturation : tsy mitsaha-miroso ny fanavaozana ny fitantanana ny Hetra*

Ny didim-panjakana izay nivoaka tamin'ny 25 Jolay 2025 dia manamafy ny fampiharana tsikelikely ny fampiasana ny faktiora elektronika (e-Facturation), araka ny voalazan'ny andininy IV-21 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ara-ketra. Ity rafitra ity dia natao hanavaozana ny fomba fiasa ara-barotra sy ara-ketra, hampitomboana ny mangarahara ary hiadiana amin'ny hosoka.

Apetraka ny sehatra « e-facturation » hahafahan'ireo mpandoa hetra mamoaka, mampita, mandray ary mitahiry faktiora amin'ny endrika elektronika, voaaro sy ara-dalàna, ka tsy maintsy mahafeno kosa ireo fepetra takian'ny lalàna amin'ny fahamarinana sy ny fahazavan'izay voarakitra ao anatiny. Etsy andaniny, ny sampandraharaham-panjakana dia afaka manara-maso sy maharay ita ara-potoana.

Anisan'ireo tombontsoa andrasana : fanamorana ny fifanakalozana, fihenan'ny fandaniana sy ny fotoana lany, fanamafisana ny fanarahana ireo fifanakalozana ary fiarovana ny mpanjifa.

Fampiharana tsikelikely ao anatin'ny roa taona

- Orinasa lehibe : tsy mihoatra ny 6 volana aorian'ny fametrahana ny sehatra,
- Orinasa salantsalany : ao anatin'ny herintaona,
- Mpandoa hetra madinika sy tena madinika : tsy mihoatra ny roa taona.

Hisy ireo fepetra fampiharana horaisina : fanamafisana ny fotodrafitrasa nomerika, fiofanana sy fanampiana ara-teknika, ary fitaovana tsotra sy mora ampiasaina ho an'ny orinasa madinika.

Dingana lehibe iray indray izao no tontosa, ho sampandraharaha liam-pivoarana, mangarahara ary andrin'ny fisandratana.

**https://www.mef.gov.mg/assets/file/communique/31674.pdf**



# Réunion du comité de pilotage sur le passage à la comptabilité en droit constaté

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) a organisé sa réunion trimestrielle du Comité de Pilotage (COPIL) sur la réforme du passage à la comptabilité en droits constatés (CDC) le 07 Août 2025. Présidée par Monsieur Andry RAMANAMPANOHARANA, Secrétaire Général du MEF, représentant Madame le Ministre, qui est le Président du COPIL et en présence du Directeur Général du Trésor, et également Directeur dudit projet, Monsieur Andry Nirina RAJAOFETRA, cette rencontre a mobilisé les membres du COPIL ainsi que les représentants des ministères et institutions concernées.

Dans son discours d'ouverture, le Secrétaire Général a rappelé les grandes lignes de cette réforme stratégique, actée par l'Arrêté N°8712/2025 du 3 avril 2025, qui réorganise l'organe de gouvernance de la réforme, plaçant désormais sa présidence sous l'autorité directe de Madame le Ministre de l'Économie et des Finances. Il a souligné que le passage à la comptabilité en droits constatés constitue une transformation majeure visant à renforcer la transparence budgétaire, assurer une meilleure connaissance du patrimoine de l'État, et aligner les pratiques comptables aux standards internationaux. Il a également mentionné les avancées récentes, notamment la mission d'assistance technique conduite du 2 au 13 juin 2025 avec l'appui du Fonds Africain de Développement et de l'AFRITAC Sud, qui a permis de formuler des recommandations concrètes pour renforcer le pilotage opérationnel de la réforme.

L'ordre du jour de la réunion a porté sur deux points principaux : (i) un état des lieux des suites données aux recommandations de la précédente session du COPIL, ainsi que (ii)l'évaluation de l'avancement des travaux des COTECHS au cours des trois derniers mois à la lumière des recommandations de la mission d'assistance technique. Les échanges ont permis de réaffirmer l'importance d'une mobilisation coordonnée de tous les acteurs à savoir le Ministère de l'Economie et des Finances, les Ministères sectoriels et le Cour des Comptes, (CSC) autour de ce chantier complexe. Un point important a également été la présentation de la stratégie de communication élaborée, visant à faire connaître le projet auprès du Parlement. L'instauration d'une fonction comptable partagée, le décloisonnement des équipes et l'implication active des représentants techniques sont autant de leviers identifiés pour garantir une mise en œuvre optimale de cette réforme essentielle à la modernisation de l'administration publique malagasy.

***Fanavaozana ara-kaonty - CDC : Fivoriana fahatelon'ny Komity Mpitarika sy Mpandrindra - COPIL***

Nanantanteraka ny fivoriana fanaony isan-telovolana ny Komity mpitarika sy mpandrindra (COPIL) ny «Réforme sur le passage en Comptabilité en droit constaté « - CDC ny 07 aogositra 2025 lasa teo. Nitarika izany, Andriamatoa RAMANAMPANOHARANA Andry, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay nisolo tena an'dRamatoa Minisitra no sady Filohan'ny COPIL.

Nisy ny fifampizarana ireo dingana vita sy ny firosoan'ny asa nandritran'ny telo volana lasa, tao ihany koa ny fandaminana ny dingana manaraka ka nijerena miaraka ireo fanamby mbola miandry, araka ny famelabelarana nataon'Andriamatoa RAJAOFETRA Andry Nirina, mpandrindra arak'asa ny tetikasa (Directeur du Projet) no sady Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana. Teo ihany koa ny fifanakalozan-kevitra sy ny fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ireo izay voakasik'ity tetikasa ity : ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ireo Minisitera teknika, ny fitsaran-kaonty (Cour des Comptes).

Nanamafy Andriamatoa Sekretera Jeneraly nandritra ny fandraisam-pitenenany fa izao fanavaozana izao dia dingana lehibe hanamafisana ny fangaraharana ara-bola, ny fahafantarana ireo fananam-panjakana ary fametrahana ny fomba fitantanam-bola amin'ny fenitra iraisam-pirenena. Noresahany ihany koa ny fahazoana traikefa ara-teknika tamin'ny fanohanan'ny Fonds Africain de Développement (FAD) sy ny Afritac Atsimo ny 2 ka hatramin'ny 13 jona 2025 .

Anisan'ny zava-dehibe tao ihany koa ny fanehoana ny paikadin-tserasera narafitra, ho fampahafantarana ny tetikasa eny anivon'ny Parlemanta.

# Deux formatrices de la DGI reconnues au sein du Réseau francophone des administrations fiscales





Deux formatrices malgaches ont reçu une reconnaissance lors de la clôture du programme « Former le Formateur 2024 », soutenu par l'OCDE afin d'accompagner les administrations fiscales africaines francophones pour améliorer les méthodes de formation interne en matière d'échanges de renseignements et diffuser les bonnes pratiques internationales.

Ces deux inspectrices, issues de la Direction de la Formation Professionnelle et de la Direction de la Législation Fiscale et du Contentieux, ont suivi neuf mois de formation en ligne, deux sessions en présentiel à l'OCDE, organisé et animé des formations locales à Madagascar auprès de 150 inspecteurs et contrôleurs des impôts. D'ailleurs, leur travail a été reconnu pour la pertinence des contenus, la rigueur méthodologique et l'implication constante dans le processus pédagogique. Leur intervention aux côtés de leurs pairs africains lors des restitutions finales confirme que la DGI produit aujourd'hui des compétences reconnues bien au-delà de nos frontières, en particulier sur la fiscalité internationale.

# Madagascar présente sa stratégie d'éducation fiscale à l'Assemblée Générale de l'Addis Tax Initiative

L'Assemblée Générale 2025 de l'Addis Tax Initiative (ATI), qui s'est tenue à Addis-Abeba, en Éthiopie, du 22 au 24 juillet 2025, a été l'occasion pour Madagascar de mettre en avant sa stratégie d'éducation fiscale et donc ses projets innovants dans le cadre de la promotion du civisme fiscal.

« HARENASOA ou une nouvelle façon d'aborder la fiscalité » est une série animée en malgache, conçue pour expliquer aux enfants ce qu'est l'impôt et à quoi il sert. Diffusée sur les réseaux sociaux et prochainement dans les écoles primaires, elle présente de façon simple les notions de responsabilité, de biens communs mais également de redevabilité. Le but est d'aider les tous petits à comprendre et à adopter une attitude positive face à leur future contribution citoyenne.

Cette initiative a particulièrement retenu l'attention des délégations présentes, qui ont souligné l'originalité et la portée pédagogique du projet.

L'expérience malgache a été reconnue comme une stratégie éducative prometteuse, simple et adaptée aux réalités locales, capable de renforcer durablement le transparence et le climat de confiance entre l'administration fiscale et les citoyens. Un exemple à suivre, notamment dans les pays où la culture fiscale reste peu développée.

### *Mpampiofana roa avy amin'ny DGI no nahazo fankasitrahana manokana tamin'ny Tambajotran'ireo sampan-draharahan'ny Hetra mpampiasa ny teny frantsay anivon'ny OCDE*

Mpampiofana malagasy vehivavy roa avy amin'ny Foibem-pitondrana ankapobeny ny Hetra no nahazo fankasitrahana nandritra ny famaranana ny programa "Former le Formateur 2024", izay tohanan'ny OCDE. Ity programa ity dia natao hanohanana ireo sampan-draharaha misahana ny hetra eto amin'ny faritr'i Afrika miteny frantsay amin'ny fanatsarana ny fampiofanana ireo mpiasan'ny Hetra ary ny fifanakalozan-kevitra momba ireo fomba fiasa nahomby eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Nanaraka fiofanana nampitain-davitra nandritra ny sivy volana sy atrikasa roa tany amin'ny foiben'ny OCDE any Parisy ireto mpisafo raharahan'ny Hetra avy amin'ny Fitaleavana ny fampiofanana arak'asa sy ny Fitaleavana ny Lalàna ara-ketra sy ny Fifanolanana ireto. Natanteraka fampiofanana mpisafo raharahan'ny hetra sy mpanaramason'ny Hetra maherin'ny 150 teto Madagasikara ihany koa. Ka anisan'ny nitsarana ny zava-bitan'izy ireo ny fahafenoan'ny vontoatin'ny fampiofanana nampitainy, ny fahaizana ara-pedagôjika ary ny fandraisana andraikitra feno amin'ny fiofanana. Voaporofo araka izany fa manana fahaiza-manao tokoa i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny Hetra maneran-tany.

### *Nozarain'i Madagasikara nandritra ny Fivoriam-ben'ny Addis Tax Initiative ny paikady napetraka amin'ny fanabeazam-boho ny olom-pirenena ara-ketra*

Sehatra iray nahafahan'ny DGI naneho ny paikadiny amin'ny fanabeazana ara-ketra sy ireo tetik'asa fampiroboroboana ny fandraisana andraikitry ny olom-pirenena amin'ireo adidy ara-ketrany ny fivoriam-ben'ny Addis Tax Initiative (ATI), izay natao tao Addis-Abeba, Etiopia, ny 22 ka hatramin'ny 24 jolay 2025 lasa teo.

Nisongadina tamin'izany ny programa "HARENASOA», horonantsary mihetsika amin'ny teny malagasy, natao ho an'ny ankizy sy ny zaza madinika mba hanazavana amin'izy ireo amin'ny fomba tsotra ny atao hoe hetra sy ny anjara toerany eo amin'ny fiaraha-monina.

Fampahalalana ny atao hoe andraikitra, fananana iombonana, ary adidy amin'ny maha-olom-pirenena no entin'i Harenasoa, ao amin'ny tambajotra sosialy ary hozaraina tsy ho ela eny an-tsekoly ambaratonga fototra.

Nahasarika manokana ny sain'ireo mpandray anjara tokoa ity tetikasa malagasy iray ity, indrindra noho izy miendrika fanabeazana, ary voalaza fa paikady mahomby sy mifanaraka tsara amin'ny zava-misy eto amin'ny faritr'i Afrika. Fanamafisana ny mangarahara sy ny fifampitokisana eo amin'ny olom-pirenena sy ny sampan-draharaham-panjakana moa no isan'ny tanjona anatin'izany. Voasokajy ho tetikasa mendrika ho fakan-tahaka, indrindra amin'ireo firenena mbola marefo amin'ny sehatry ny fahavitrihana ara-ketra i Harenasoa.





# Présentation de la plateforme de partage des microdonnées du troisième Recensement Général de la Population et de l'Habitation (RGPH-3) de 2018 et des grandes enquêtes réalisées par l'INSTAT



L'INSTAT, avec l'appui technique et financier du Projet STATCAP-II de la Banque Mondiale, a officiellement présenté la plateforme de partage des microdonnées issues du troisième Recensement Général de la Population et de l'Habitation (RGP3H) ainsi que des principales enquêtes réalisées par l'INSTAT. Cette démarche reflète l'engagement du Gouvernement en faveur de la transparence, de l'ouverture des données, et de la gouvernance fondée sur des faits.
Accessible à l'adresse **https://microdata.instat.mg**. Elle donne accès à des données statistiques désagrégées, fiables et ouvertes, issues non seulement du RGP3H, mais aussi d'enquêtes cruciales comme les vagues sur l'impact de la Covid-19 (2020-2021), ou encore l'Enquête Permanente auprès des Ménages (EPM) 2021-2022. Cet outil vient répondre au besoin pressant d'une meilleure disponibilité des données, condition essentielle pour une planification efficace, inclusive et adaptée aux réalités socio-économiques du pays.

Notanterahina ny 07 Aogositra 2025 ny fanolorana amin'ny fomba ofisialy ny sehatra fizarana ireo vokatra antotan'isa (Plateforme de partage des microdonnées) mahakasika ny RGPH-3. Tafiditra ao anatin'ny Tetikasa STATCAP II, izay iarahan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola miasa amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny famolavolana izao vokatra izao.

Sehatra iray ahafahan'ireo mpikaroka, mpianatra, mpandray fanapahan-kevitra sy ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary ny fiarahamonim-pirenena misitraka sy mahafantatra ireo antontan'isa mahakasika ny firenena ity fitaovana ara-kajy mirindra ity.

